Toho Tantely >2
Editorial >3
Alahadin'ny Mpitandrina >3

Vahiny >4
Fiangonana efa-trano >4
Voan-tsampana >5,6,7,8

Zana-paritra >7
SAMIHAFA >8

www.fjkm-ambohitantely.mg



GAZETY
# Tantely

"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

Laharana faha-92 / 17 Aprily 2022/ 1.000Ar

# PASKA 2022



**Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Mar16:15**

FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA
FITANDREMANA AMBOHITANTELY

## FAMELABELARAN-KEVITRA MITOHY

MIKASIKA NY FAHASALAMANA SY NY PSYKÔLÔJIA ARY NY FITSABOAM-PANAHY

Atao ao amin'ny Akany Andriamanjato Richard Ambohitantely Tahala Ravelojaona
Ny 20, 21, 22 Aprily 2022 amin'ny 5 ora hariva

Ho fanombohana ny fananganana
Ny "CENTRE MEDICO-PSYCHOLOGIQUE FJKM Dr. ANDREW DAVIDSON"

*"Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino" Matio 13 : 43b*

***Centre médico-psychologique FJKMAndrew Davidson***

GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY



" NY FITORIANA FILAZANTSARA"

Ary hoy Izy taminy: ***Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Mar16:15***
Ny fitoriana filazantsara dia sady baiko avy amin'ny Tompo no tena fiainan'ny kristiana koa. Izay nomena maimaim-poana dia tokony hizara maimaim-poana ary ahatsiaro fifaliana amin'izany satria izany no anisan'ny valim-pitia atao amin'Ilay nanome ny famonjena. Isan'andro, amin'ny fotoana rehetra sy toerana rehetra no tokony hanaovana ny fitoriana ny filazantsara fa misy ihany koa anefa ny fotoana manokana izay atokan'ny fiangonana na sampana na fikambanana hifantohana tanteraka sy handehanana amin'ny toerana na faritra iray izay mangetaheta ny famonjena. Toy izay notanterahina tamin'ny 18 desambra 2021 hatramin'ny Alahady 09 Janoary 2022 lasa teo ka izarana ny soa sy ny mamy tamin'izany. Ny toeram-panomanana mpitandrina Ambatonakanga no nikarakara ka mpiomana 5 mianadahy izahay no nalefa tany amin'ny fitandremana FJKM Antanambao Bevilany sp Boina vaovao izay tandreman'ny mpitandrina Rojovola RAZAFIARIMANANA.

**Ny toerana:** Distrika Maevantanana. Commune rurale Tsararano: 12km miala eo amin'ny sampanana Bevilany
**Fitaovam-pifamoivoizana:** sarety, moto, camion rehefa tsena ( isaky ny alakamisy)
**Asa fiveloman'ny mponina:** miasa amina orinasa mpanao paraky (SOCTAM: mampiasa tany 160ha ao Bevilany), Mamboly vary, mivarotra, manarato trondro, mampianatra, ... Toerana ahitana ny foko 18 eto Madagasikara, be mpiavy noho ny asa sy fitadiavana. Misy poste de gendarmerie, sekoly, CSB1, fiangonana protestanta, katolika, hafa....
**Olana sedrain'ny fiarahamonina:** tsy fandriam-pahalemana, kolontsaina tsy mitovy, fahantrana ara-tsaina sy ara-pitaovana, tsy fahaiza-mitantatana, tsy fahampian'ny foto-drafitr'asa...
**Ny asa natao amin'ny ankapobehiny:**
- Firotsahana teny anatin'ny fiarahamonina: manao namana, mijery sy mandinika ny zava-misy (tsy mitsara fa miezaka mahazo ny olana sy ny fiainan'ny olona)
- Fitsidihana sy fampaherezana ireo manam-boninahitra sy tompon'andraikitra eo an-tanana
- Fotoam-bavaka sy fampianarana ao am-piangonana isa-maraina sy ny alahady ho an'izay mangetaheta
- Fitetezana tokan-trano, mitory
- " Evangelisation de masse" natao tamin'ny alalan'ny cinema isaky ny hariva, nanasana ny olona rehetra, tsy nisy vidim-pidirana
- Fampaherezana ny Fiangonana
- Asa sosialy: fanampiana tamin'ny fambolena notanterahan'ny fiangonana
- Asa sy fampaherezana, fampiorenam-pinoana

**Olana nosedraina teo ampanatanterahana ny asa:** - Fahasalamana - ny toetr'andro sy ny hafanana be loatra - Tsy fahampian-drano - Tsy fisian'ny lakana rehefa manomboka maizina, kanefa maizina vao vita ny asa - tsy fandriam-pahalemana - Fiteny tsy mitovy - Ny tsy fahampian'ny vatsy

**Lesona tsara voaray:**
1- ***Momba antsika Andriamanitra*** - Toky tsy mamitaka ny tenin'Andriamanitra Matio 28: 20 « ***ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao*** ». Velona: mahita, mihaino, miresaka, mitarika, manolo-tsaina, miasa, miaro, manokatra lalana, mitahy, manasitrana,... Andriamanitra Ohatra: Rehefa namelatra ny fitaovana hanaovana ny fitoriana amin'ny alalan'ny sary mihetsika be velarana izahay dia tezitra ny mpanompo sampy, nandrahona anay, nitatao be avy hatrany koa ny orana, ny fitaovana rehetra anefa efa vonona, niorakoraka ny mpandalo fa tsy ahavanona na inona na inona izahay, aiza izay Andriamanitray toa avelany ho avy ny orana sns... nivavaka izahay, nanome toky Andriamanitra ka notohizana ny asa ka vita soa aman-tsara. Tony ny andro, voatory ny Filazantsara, nahita ny voninahitr'Andriamanitra ny iray tanana, tsy nisy ny korontana, maro ny nanolo-tena...

2- ***Ahitana fifaliana ny manao ny asan'ny Tompo*** Asan'ny Apostoly 13: 52. « Ary dia feno fifaliana sy ny Fanahy Masina ny mpianatra ». Ny olona mazoto mizara dia mandray zava-baovao avy amin'ny Tompo isan'andro. Ny olona miasa dia rariny raha vokisana, ny olona mandeha dia tohanana indrindra amin'ny herim-panahy hanatanterahana ny asa. Ka amin'izany indrindra no hananana fifaliana izay tsy mitovy amin'ny fifalian'izao tontolo izao izay fitaka ihany fa fifaliana tena fifaliana avy amin'ny Ray ary maharitra mandrakizay. Amin'ny maha olombelona dia misy ny fiferotan'aina, tahotra, ahiahy, sns… kanefa rehefa mirotsaka ao anatin'ny asa dia ilay fo onena tahakan'ny fon'i Jesoa no manosika hiasa, ary rehefa miasa dia misy fifaliana. Inona moa izay izaho mpanota tsy mahefa na inona na inona ity no irahin'ny Tompo? Inona moa izay izaho no ampitondrany ny anarany? Omeny fahefana? Hanao izao asa izao? Kanefa noho ny fitiavany sy famindrampony dia nataony ho olona mahatoky izaho sy ianao. 1Timoty 1: 12. Misaotra an'i Kristy Jesosy Tompontsika aho, Izay nampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin'ny fanompoana, ...Romana 8: 30. Ary izay notendreny no nantsoiny koa; ary izay nantsoiny no nohamarininy koa; ary izay nohamarininy no nomeny voninahitra koa.
Famaranana : Azon'Andriamanitra atao ny maniraka Anjely avy any an-danitra hanao ny asany. Saingy izaho sy ianao no nofidiny satria sarobidy lavitra noho ny Anjely. Eto ampiandrasana ny fihaviany eny amin'ny rahon'ny lanitra isika, tsy fantatra izay fotoana ahatongavany, mila miambina, mila miasa koa raha mbola atoandro mba handraisan'ny olona rehetra ny Filazantsara hamonjena azy. Marina fa tsy maintsy misy ny olana sy zava-tsarotra ho lalovana fa ny marina tsy miova koa dia ny fisian'Andriamanitra izay momba sy mitahiry antsika. Azy ny asa, isika kosa rehefa manaiky ho tarihiny dia mahita ny voninahiny ary ny fanaovana ny asany dia manome ilay tena fifaliana araka ny sitrapony. Azy Andriamanitra ny voninahitra. Amen

***Rakotoniaina Voninkazo Helisoa, Mpitandrina***

## EDITORIAL

Ry Kristianina havana, Anisan'ny fotoana ankalazaina isan-taona ny andro Paska ary andro lehibe tokoa satria fotoana izay nandresena ny ratsy sy ny fahafatesana (Isa 25:8). Omen'ny Tompo fahavelomana isika satria Izy no nahary antsika ho toy ny zanany ary manome ihany koa izay sahaza araka ilay vavaka nampianarina antsika .Indraindray anefa amin'ny maha olombelona (nofo sy rà) dia misy ireo faniriana na koa fakam-panahy izay sedra ho antsika(1Kor 15:3b). Amin'izao vanim-potoana hatreantsika izao izay somary hazakazaka ka mitarika havizanana ka mahatonga antsika hitady vahaolana hoentina mandresy izany havizanana izany, ary raha misy fotoana ahafahana mitafa dia maro no manambara fa efa mby amin'ny farany angaha izao làlana izorana izao. Ry Kristianina havana,mafy araka izany ny zavatra lalovantsika ao ny aretina ny vidim-piainana ireo ady am-panahy nefa aoka hino sy hanantena fandresena mandrakariva isika satria miaraka amin'i Jesoa Kristy ilay Mpandresy .(Rom 8:37-39)

Alao hery ry havana ny fotoana rehetra mbola omen'ny Tompo anao hoentina nanao izay rehetra tsara sy mety hahasoa ny fiainantsika satria tsy ho foana akory ny fikelezanao aina raha toa mitandrina sy manara-dia Ilay mpandresy .(1kor 15:57-58)

Koa dia mametraka ny veloma ombam-pahasalamana sy andro lava ho aminareo.

Ho an' Andriamanitra irery anie ny voninahitra

***Zahza RANAIVO RASAHENOLAHY ,Diakona***

## ALAHADIN'NY MPITANDRINA 2022

***« Andriamanitra o, tafatoetra ny foko ; Ny fanahiko no hihira sy hankalaza » Salamo 108 :1***



Finaritra !

Ny Alahady 22 Martsa 2022 teo no andro natokan'ny FJKM Ambohitantely nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra sy nitondrana ambavaka ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy sy ny ankohonany. Fanaontsika moa izany isaky ny Alahady fahatelo, amin'ny volana fahatelo isan-taona.

Zava-dehibe indrindra mantsy izany, ary tsy amin'ny Alahadin'ny Mpitandrina ihany no hitaomana antsika hivavaka ho an'ny Mpitandrina, fa amin'ny fotoana rehetra. Ny teniin'Andriamanitra nosafidiny tamin'izany dia ny Salamo 108 : 1 ho fijorony vavolombelona amin'ny fahatokiany tanteraka an'Andriamanitra sy namporisihany antsika ondry tandremany koa mba hampitoetra ny fontsika mandrakariva ao amin'ny Tompo Jesoa.

Ny hafatra nentin'ny Mpitandrina RAHARISOA Norotiana dia nanamafy tokoa fa isika Kristiana dia tokony hanana fahatokiana ny fitiavana lehibe izay itiavan'Andriamanitra antsika. Navoitrany araka izany fa :

-Izay matoky ny Tompo dia ho tafatoetra ny fony satria mametraka ny asa sy ny kinasa eo ampelatanan'Andriamanitra. Fahafahana sy filaminana anaty ary fiadanampo no aterak'izany. Na misedra zava-tsarotra aza dia aoka hitoetra tsara ny fontsika ka hiandrandra hatrany ny fampanantenan'Andriamanitra, satria marina amin'ny teniny ny Tompo.

-Izay matoky ny Tompo dia feno fisaorana sy fiderana, izay ahazoana fahafahana sy hanantenana fandresena . Nampatsiahiviny fa tokony hatao laharampahamehana eo amin'ny fiainan'ny Kristiana ny fiderana an'Andriamanitra, ary mendrika Azy indrindra rahateo izany.

Nosokafana tamin'io Alahady 20 Martsa io ihany koa moa ny fankalazana ny faha 25 taona naha Mpitandrina azy ka nanomezany fanazavana ny amin'ny fananganana ny ***« Centre médico-psychologique FJKM Andrew Davidson »*** izay hatao indrindra ho tsangambaton'io jobily volafotsy io. Raha sitrapon'Andriamanitra dia ho tokanana ny 2 jolay 2022 izany toeram-pitsaboana izany, koa manasa antsika rehetra hitondra ambavaka ny asa rehetra sy hifanotrona hatrany amin'ny hetsika izay hatao manodidina izany fankalazana izany.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra !

***Haingo Raoeli-John, Diakona***

# VAHINY

Mampiantrano ny Komitin'ny Jobily faha-25 taona naha-Mpitandrina an'Atoa RAKOTONAVALONA Maholy ny Gazety Tantely androany. Vahinin'ny Gazety araka izany Rtoa RAKOTONIRIANA Verosoa, misolo tena ny Komity.

**GT:** Miarahaba anao tompoko, ary misaotra anao mivahiny eto @ Gazety Tantely!

**Vahiny:** Miarahaba ny Gazety Tantely amin'ny anaran'ny Tompo, ary misaotra amin'ny fanasana anay Komity faha 25 taona.

**GT:** Inona avy Rtoa RAKOTONIRIANA Verosoa ireo andraikitra goavana sahanin'ny Komity @ izao fankalazana ny Jobily Volafotsin'ny Ray aman-dreny Mpitandrina izao?

**V:** Araka izay efa voalaza dia mankalaza ny faha 25 taona naha Mpitandrina an' Atoa RAKOTONAVALONA Maholy isika FJKM Ambohitantely amin'ity taona ity. Fotoana sarobidy tokoa izany na ho azy mianakavy kely na ho antsika Fiangonana, ary tsy misy fotoana mitovy amin'izao intsony satria amin'ny Jobily Volamena dia efa misotro ronono ny Mpitandrina. Araka izany dia ataontsika ho zava-dehibe ity taon-jobily Volafotsy ity ho fitrotroana am-bavaka sy fampaherezana ny Mpitandrina mianakavy amin'ny adidy mavesatra iantsorohany na eto anivon'ny FJKM Ambohitantely na eo anivon'ny Foibe FJKM sy Toeram-panomanana Mpitandrina na eo anivon'ny Firenena.

Marihana fa ny 21 tao anatin'izay fotoana izay dia teto Ambohitantely izy no nanatanteraka ny asa fanompoany.

Maro ny andraikitra miandry ny Komity,dia ny fikarakarana ny hetsika samihafa ho entina mankalaza izany Jobily Volafotsy izany, ao ny fitadiavana ny ho enti-manana amin'ny Tsangambato, ny Fiaraha-miombona sy mifaly amin'ny mpianakavin'ny Finoana sy ny Taranaka rehetra eto Ambohitantely, ary ao koa ny sakafo iraisana amin'ny Foibe sy ny Synodam-paritany araka ny fifampitondran'ny FJKM rehefa mankalaza taon-jobily.

Ny Tsangambato hita maso amin'ity taon-jobily ity dia ny Fananganana ny Ivon-toerana Fitsaboana ny aretin-tsaina « Centre Medico Psychologique FJKM – Andrew Davidson »

**GT:** Inona avy ireo daty tsara ho tadidiana ao anatin'izay fankalazàna izay Tompoko?

**V:** Ireto avy ary ireo daty tsara ho tadidiana amin'ny fotoam-bavaka ao antin'izany Taon-Jobily izany:

1.Fotoana Fanokafana: Alahady 20 Martsa 2022 (efa vita)

2.Ivon'ny Fankalazana: Alahady 03 Jolay 2022

3.Fotoana Famaranana: Alahady 19 Martsa 2022

Ireto avy kosa ny daty lehibe tsara ho tadidy amin'ny hetsika samihafa :

1.02 Jolay 2022: Fitokanana ny CMP Andrew Davidson eo Imarivolanitra

2.09 Jolay 2022: Hetsika Sakafo ho fitadiavam-bola eny amin'ny CCI Ivato (Efa nivoaka androany ny tapakila fandraisana anjara).

3.02 Oktobra 2022: Fampisakafoanana ny Fiangonana manontolo miaraka amin'ny taranaka rehetra, aorian'ny fotoam-bavaka Alahadin'ny Taranaka.

4.02 Desambra 2022: Seho Sehatra Hira sy Mozika ataon'ny Chorale Efatrano (Ambohitantely-Ambavahadimitafo-Avaratrandohalo-Faravohitra) eny amin'ny Plaza Ampefiloha izay hanasàna mpanakanto malaza,.

5.16 sy 17 Martsa 2023: « Conférence » atao eny amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga sy eny amin'ny Akademia Malagasy eny Tsimbazaza.

6.19 Martsa 2023: Foatana famaranana sady fiaraha-misakafo amin'ny Foibe FJKM sy ny Synodam-paritany SPAA12.

**GT:** Mba tsy hahatompon-trano mihono antsika eto an-toerana sy ho fiaraha-mientana @ Komity, inona no fomba entinareo hanentanana ny mpianakavin'ny finoana eto anivon'ny Fitandremana Ambohitantely?

**V:** Araka ny efa voalaza teo aloha dia fotoana sarobidy izany taon-jobily izany ka dia manentana antsika mpianakavin'ny finoana mba handray anjara amin'ny hetsika rehetra ho karakaraina.

Tiako ihany koa ny hisarika ny saintsika fa hatramin'ny nitandreman'i Pasitera RAKOTONAVALONA teto Ambohitantely dia mbola tsy nanao fankalazana ny naha Mpitandrina azy isika raha tsy izao. Hitantsika ny ezaka ataony amin'ny fampandrosoana ny asan'Andriamanitra eto anivon'ny Fiangonana na ara-panahy (ohatra ny fananganana ny zana-paritra sy Sampana ) na ara-fotodrafitrasa (Akany ARM sy parking, Bloc Sanitaire, Fanavaozana ny Trano Fiangonana, sns), na ara-panabeazana na ara-tsosialy (fanavaozana ny Cantine Scolaire, ny fitsanganan'ny fitaizana sy fanampiana ireo olona sahirana tanterahana isaky ny zoma hariva, sns) .

Na ho an'ny hafa koa aza, toy ny Mofonaina zarainy isan'andro, hatrany ampitan-dranomasina na tsy zanaka Ambohitantely aza dia mahazo fampaherezana amin'izany Mofonaina izany avokoa. Tao koa ny famitana ny Fiangonana sy ny Sekoly FJKM tany Malaimbandy.

**GT:** Ao anatin'izay hevi-dehibe izay ihany sy ho fampiombonana, aiza ho aiza indray ary ny fampandraisana anjara ireo zanaka ampielezanasy ireo zanaky ny Fiangonana any ampitan-dranomasina?

**V:** Maro ireo asa miandry; ankoatra ny Tsangambato hita maso CMP Andrew Davidson dia rariny loatra raha manolotra Fanomezana ho an'ny Mpitandrina mianakavy isika noho izany Taon-jobily izany . Marihana fa nandritra izay 21 taona niasany teto amintsika izay dia tsy nitsahatra nanolotra ho an'ny Fiangoana ny Mpitandrina mianakavy, (ohatra ny Trano Fisainan'ny Diakona, tamin'ny faha 10 taona fiaraha-manompo, ny Seho nataon'ny zanany teny amin'ny Carlton, natolotra ho an'ny Tsangambato faha-150 taona ny vola azo rehetra, sns). Fa amin'ity indray mitoraka ity kosa dia isika rehetra no hiara-hientana mba hahatsiaro fankasitrahana ho azy ireo ho voninahitr'Andriamanitra.

Koa manentana ireo havana miparitaka ampielezana sy ny any ampitan-dranomasina rehetra any mba hifanolo-tanana amin'ny hetsika samihafa ao anatin'ny fankalazàna.

Isika dia samy hitondra am-bavaka mba ho tanteraka ny tanjona rehetra.

Alao hery ary ry havana fa hoy ny Soratra Masina, Hebreo 13/7a: « Tsarovy ny Mpitondra anareo, izay efa nitory ny tenin'Andriamanitra taminareo »;

Sy Galatiana 6/6: «Aoka izay ampianarina ny teny mba hahafoy zava-tsoa ho an'izay mampianatra. »

**GT:** Mamerina ny fisaorana ho anao Rtoa Verosoa t@ fivahiniananao teto @ Gazety Tantely! Tsara ho fantary ny rehetra fa ny Teny Faneva banjinin-tsika mandritry ny fankalazàna ny Jobily faha-25 taona dia ny Salamo 34/3 "Miaraha mankalaza an'i Jehovah amiko; ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika." Dia mirary soa antsika rehetra samy ho tahian'Andriamanitra hahatratra ireo fotoan-dehibe ireo, izay manamarika ny fiainan'ny Mpitandrina mianakavy sy ny Fiangonana. Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra!

*Nangonin'i Hary RAFANOHARANA*



# SAMPANA TANORA KRISTIANA



Ny **Sampana Tanora Krisatiana** na STK dia Sampana mampivondrona tanora maro. Efa mananika ny 70 eo eo izao ny isan'ireo mpikambana ao aminy.
Misy Rantsana 03 ao @ STK :

- *Ny Rantsana Mozika*
- *Ny Rantsana fanabeazana sy fampandrosoana*
- *Ny Ranstana Fanantanjahantena*
- *Ny Rantsana Dihy Tantely*

Notontosaina ny Asabotsy faha,12 Martsa 2022 teo ny fiarahabana nahatratra ny taona vaovao, tany Ambohimanarina tao an-tokatranon'i Mélinda. I Pasitera Voninkazo no nitarika ny fotoam-pivavahana sy nitondra ny fampianarana. Lesona telo lehibe no afaka noraisin'ny Sampana : « Tanora nahareha ny antson' Andriamanitra,manana ny mampivaka azy ary mivelona sy miaina amin'ny teniny soratra Masina. »
Nodinihana nandritran'io fotoana io ny fandaharan'asan'ny Sampana mandritran'ity taona 2022 ity. Mizara telo (03) lehibe ireo : Ny « Chocolats de Pâques » ho an'ny volana Aprily (izay amin'ny vidiny 10.000Ar), ny « Amboara K » fifaninana ara-panatanjahantena amin'ny volana Jolay, ary ny « Comédie Musical » ho atao amin'ny volana Novambra. Tsy izay irery anefa fa ny sampana dia anisan'ireo mikaraka ny projet ***CMP (Centre Médico Psychologique)*** izay hiarahana @ fiangonana. Maro dia maro tokoa ny asa izay miandry fa vonona ny tanora ao amin'ny Sampana hiatrika sy hananteraka izany. Ho antsika Tanora izay teha hanatevin-daharana ny Sampana dia isaky ny Asabotsy faharoa ny volana ny fivoriana. Dia manentana antsika ho avy.

Ho an' Andriamanitra irery anie ny Voninahitra.




# SAMPANA DORKASY



Faly miarahaba antsika rehetra amin'ny anaran'i Tompo.
Misaotra an'Andriamanitra fa tontosa ny Atalata 15 martsa teo ny fifampiarabana ny Dorkasy eto amin ny FJKM Ambohitantely, ny mpitandrina Rakotoniaina Helisoa Vonikazo no nitarika ny fotoana, tsy adino ny niarahaba ireo zoky ray amandreny.
Ny Dorkasy dia fikambanana ireo vehivavy eto amin'ny sahan'ny FJKM mitory ny filazantsara sy fitiavan'Andriamanitra. Ny tanjon'izy ireo dia manao asa soa,ny manampy ireo sahirana, manampy amin 'ny fitaizana ireo zaza kamboty, manohana amin'ny fikarakarana fidirambola ho an'ireo vadin'ny mpitandrina mananotena sy ny zanany ,manome vatsim pianarana hoan ny mpianatra sahirana hita fa mendrika izany
Ny fizarana sakafo ho an ireo sahirana toy ny natao teny Itaosy ny 06 Aprily lasa teo .
Ny fikojakojana sy ny fanamboarana ireo sekoly Fjkm sy fizarana fitaovam pianarana , ny fanamboarana ny efitrano fivorian ny VSKAFF ao ami ny kolejy Rasalama izay andraisan tsika anjara daholo ireo.
Ny fandehanana manao tafika masina tanterahana ny volana Jolay ho avy izao sy ny maro hafa.
Ny Dorkasy dia mivory isaky ny Atalata hariva amin ny 2 ora hatramin'ny 4 ora.
Ny fifankatiavana, ny fifanaja, ny fifampizarana ny tsiky sy izay mavesatra eo amin'ny fiainana indrindra ny fiarahamivavaka.
Koa miantso anao izahay hiditra Dorkasy hifandrimbona aminay.
Ny Dorkasy eto amin'ny FJKM Ambohitantely dia miaramiasa amin'ireo sampana " Dorkasy Efa trano" , ny ARM, ny VSAFF izay hiarahana amin'ny vadin'ny mpitandrina.
Maro ireo asa sy adidy, ny tao trano hono tompoko tsy vita irery raha tsy hifanakonana koa izay indrindra no hananasainay anareo handray anjara amin'ny Sakafom-pifaliana izay karakarain'ny Dorkasy FJKM Ambohitantely ny Alahady 1er Mai 2022 ao amin'ny Ankany ARM. Manantena ny fahatongavanareo maro tompoko. Ny asa soa vita, ianareo nahazo fifaliana.
Mirary soa, samy ho tahian'ny Tompo.

***Mpanoratra : Razafindrajery Zoarilala***

## CHORALE AMBOHITANTELY

*Tsy mitsahatta mampiely*
*Sahy mijoro sy milaza*
*Ny fahatsaran'Ilay Tompo manan-danja.*
*Fa fitiavana lehibe*
*Izany hoe ny rà nitete*
*No namafany ny helontsika*
*Noho ny fahotana vita.*
*Zary tsy afaka an-tsaina*
*Izany isika mitaraina.*
*Marobe ny manavesatra ny loha,*
*Nefa dia mihamaivana noho Ilay Tompo soa.*
*Aoka ho Azy Irery ny Voninahitra*
*Dia meteza isika ho zanaka alahatra.*
*Apetraka Aminy ny fanahiana*
*Fa eo Aminy izany manjary fitahiana.*
*Hijoroana vavolombelona Ilay Teniny masina sy velona,*
*Hanandratana ny fiderana,*
*NY haleloia sy hosana.*

Koa asaina amim-pitiavana isika mpianakavin'ny finoana rehetra hifanotrona, hiara-hidera an'Andriamanitra amin'ny Alahady 24 Aprily 2022, amin'ny 10 ora maraina. Alahady rahateo hitondrana am-bavaka ny Sampana Chorale Ambohitantely sy ny asany.
Ho Voninahitr'Andriamanitra irery ihany anie.
Dia mirary Paska fandresena ho antsika Ambohitantely rehetra e!

***NY Mpitantsoratra RAZAKARIVONY Oméga Faravololona***

## VONDRONA FOTOTRA LAIKA

***Ny sampana VFL sy ny fananganana ny « Centre médico-psychologique FJKM Andrew Davidson »***

Ny **Sampana Vondrona Fototra Laika** na VFL dia sampana zandriny indrindra ato amin'ny fitandremana FJKM Ambohitantely. Marihina fa anankiray amin'ny tsangambato ny faha 20 taona maha mpitandrina an'i Pasitera RAKOTONAVALONA Maholy ny VFL ary mbola amin'ny volana jolay 2022 ho avy izao ny fanokanana azy. Amin'ny anjara asa hitsorohany dia nantsoin'ny mpitandrina ny sampana hiara-hisalaha amin'ny STK sy ny Tehina Manga ikarakara sy anatontosa ny fisantarana ny fananganana ny ***« Centre médico-psychologique FJKM Andrew Davidson »*** amin'ny alalan'ny koferantsa hamelabelarana sy fampafantarana ary fanentanana iombona ezaka ny momba ny areti-tsaina, aretim-panahy sy ny fitsaboana nalahatra mandritry ny telo andro, ny 20,21,22 aprily 2022 izao ; izay hanasana ireo izay antenaina ho mpiray antoka amin'ny Ambohitantely amin'ny fanatanterahana izao ivo toerana fiainoana sy fitsabona ny areti-tsaina lazaina fa mirongatra izao noho ny adim-piainana maro samy hafa.
Ny VFL dia fikambanan'ny laika, mpiangona « mpanara-dia an'i Kristy » ao amin'ny sahan'ny FJKM ; Ny anisan'ny mampiavaka azy dia izy natao hanao asa marolafy eo amin'ny fiaraha-monina fa indrindra dia ny fikarohana loharanom-bola maharitra ho an'ny asan'ny Fiangonana. Tiana no milaza fa efa telopolo mahery izao ny mpikambana ary manentana antsika kristiana mbola anatevin-daharana ny sampana.

## SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**
**FITANDREMANA AMBOHITANTELY**

" Hihira ho an'i Jehovah aho raha mbola velona koa..." Sal.104: 33

**FANASANA**
**EZAKA FANAMAFISAM-PEO**

Ny Feo Tantely Ambohitantely dia faly manasa anareo hanatrika ny Antsan-kira iarahana amin'ny:
***- Sekoly Taninketsa Ambavahadimitafo***
***-Ny Tsantan'Imahamasina zandriny***
***-Antoko mpihira Ny Maintimolaly FJKM Atsimon'Imahamasina***
***-Orkestra Ambohitantely***
Izany dia ho tanterahina ny **ALAHADY 8 MEY 2022 manomboka amin'ny 3 ora** eto amin'ny FJKM Ambohitantely.
Tsy misy vidim-pidirana fa rakitra no atolotra hividianana fanamafisam-peo.
Mankasitraka mialoha amin'ny fanohanana atolotrareo.

Misaotra tompoko!

**Fampahafantarana**
Ny fihaonambe Sekoly Alahady (SA) Taom-pianarana 2021-2022 dia ho tanterahina any Mahajanga ny fiandohan'ny volana Aogositra manomboka ny 2 ka hatramin'ny 6 Aogositra 2022 . Koa samia miomana amin'izany isika Sampana Sekoly Alahady ! Ny fara-fisoratana anarana dia ny faran'ny volana may . Ianareo izay mila andinidininy dia aza misalasala manatona ny biraon'ny Sampana Sekoly Alahady . Samia mifampitondra am-bavaka ny fotoana ry havana.

***Dr Nivo Randrianoelina , Filohan'ny Sampana SA***





# SAMPANA TOKANTRANO TANORA KRISTIANA

Notanterahina tamin'ny sabotsy 02 aprily 2022 lasa teo ny fiarahabana ny taona ny Sampana Tokantrano Tanora Kristianina tetsy amin'ny Skate Park Antanimena. Natomboka tamin'ny fotoam-bavaka izay notarihin'ny Mpitandrina narahana fampianarana fohy. Nandritra io fotoana io ihany koa dia nisy ny fandinihana ny fandarahan'asa an'ny sampana mandritra ity taom-pitaizana 2022 ity ary ny fampahafantarana ireo mpikambana vaovao. Nofaranana tamin'ny sakafo ara-piralahiana sy fankasitrahana ireo mpikambana nahazo fahasoavana ny fotoana. Ny masoandro mody no nampalahelo.

***Rakotonirina Arnaud***



# SAMPANA FIFOHAZANA



**Neny Ralibera, anisan'ireo nanorina ny SAFIF tamin'ny taona 1991**

**30 taona ny SAFIF Ambohitantely**

***Ary hataony ahoana ny fitory, raha tsy nirahina ? araka ny voasoratra hoe : Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly » Romana 10 :15***

Izany Teny izany no teny faneva hankalazàna ny faha-30 taona ny SAFIF Ambohitantely : hitory ny famonjen'i Jesoa Kristy, ny fanafahany, ny fampaherezana amin'ny firaisana amin'ny Fanahy Masina.

Hisy ireo fampianarana hifampizarana amin'ny Fiangonana, ny Tafika Masina, Asa sy fampaherezana anatiny sy ny ivelany.

Ny tanjona dia ny hitombo amin'ny Fahasoavana hatrany ny SAFIF, ny Fiangonana eto Ambohitantely, ny olona rehetra hitombo amin'ny fahalàlana tsara an'i Jesoa Kristy.

Ho an'Andriamanitra irery ihany ny Voninahitra »

***RAKOTONIRINA Nathalie, Filoha SAFIF***

# ZANA-PARITRA

## JEROSALEMA

Zana-Paritra Jerosalema,Isaorana ny Ray
Noho NY fitahiany anay, Ary famindrampo sy famonjena
No nomeny anay Zana-Paritra Jerosalema.
Ny Alahady 27 Martsa 2022
Nifamotoana izahay Jerosalema
Nifampiarahaba sy nifampirary soa,
Noho ny taona vaovao avy amin'ny Tsitoha.
Fanompoam-pivavahana fiderana,
No nanokafana ny hetsika fifaneraserana.
Nandraisam-pampianarana tamin'i Pasitera Voninkazo:
Ialohavy fisaorana, hoy izy, izay rehetra tiana ho azo.
Nahatsiaro fifaliana Ka nifampizara hamamiana,
Nifanolotra tamim-pitsikiana
Naneho ny firaisan-kina.
Nahafinaritra ny fiarahana,
Nahafapo ny fikoranana.
Zava-dehibe koa ny tafatafa,
Nihanoana vaovao samy hafa.
Ny fihaonana manaraka,
Efa nentina am-bavaka.
NY vita namerovero hanitra,
Ho Voninahitr'Andriamanitra!

***Razakarivony Oméga Faravololona ZP JRSLM***

## NAZARETA

***Lioka 7; 11>17....*** Io andinin-tsoratra masina io no nitondran'ny Mpitandrina miza-draharaha eto amin ny fiangonana Ambohitantely ny fampianarana nandritry ny fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao 2022 ny asabotsy faha 9 ny volana Aprily lasa teo, tao an-tokantranon i Riri sy Nekena teny Amboditsiry. Tsara ny mampatsiahy fa ny Zana-paritra Nazareta dia faritra voalohany amin ny tapany avaratra ary misy tokantrano dimy ambinifolo eo no mandrafitra azy.





**FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**
**SYNODAM-PARITANY ANTANANARIVO ATSINANANA**
**Fitandremana AMBOHITANTELY**
**FIKAMBANANA RAIAMANDRENY KRISTIANA**
**(FRK)**

*« Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany »*
*(Oha. 22 : 6)*

Ry Mpianakavin'ny Finoana eto amin'ny Fitandremana Ambohitantely,

Ampitombohina amintsika mandrakariva anie ny Fiadanana sy ny Fahasoavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy.

Hiverina hisokatra manomboka ny alatsinainy faha-25 aprily 2022 ny Tranombokin'ny FJKM Ambohitantely, izay mitondra ny anarana Tranomboky ANDRIANONY Mpitandrina. Koa manentana ny Fiangonana ho tonga hitsidika sy hitarika ireo tanora sy ny ankizy hiditra ho mpikambana amin'ny famakiam-boky, izay anisan'ny fanabeazana tsara eo amin'ny fitaizana.

Misy tompon'andraikitra efa zadraharaha mandray sy manoro hevitra amin'izay boky ilaina.

Ankoatry ny boky mikasika ny fivavahana kristiana, dia ahitana ireo boky fianarana sy boky fialàna voly ihany koa.

Tombony ho antsika ny fananana Tranomboky ka aza misalasala fa tongava.

Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahitra !

**FITSANGATSANGANANA 2022: AMBATOFOTSY AVARADRANO ALAKAMISY 26 MEY 2022**

# FIOMBONAN'NY EFA-TRANO

Sambany teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana FJKM tato anatin'ny 100 taona no nisian'ny fiaraha-miasan'ny fiangonana efa-trano dia ny FJKM Ambohitantely, ny FJKM Ambavahadimitafo, ny FJKM Tranovato Faravohitra ary ny FJKM Avaratr'Andohalo izany.

Notanterahina ny Alahady 10 Aprily 2022 lasa teo ny Fandinihina ny fiaraha-miasa iombonana ho fampandrosoana ny fiangonana sy ny ratsa-mangaika rehetra anatiny. Narahina fiaraha-misakafo izany niaraka notarihin'ireo Mpitandrina efatra mivady sy ny biraom-piangonana efa-trano.

Araka ny mahazatra moa dia efa misy ny fifanakalozana Polipitra mandritra ny Herinandro masina. Maro ihany koa ireo asa iombonanana hanomboka amin'ity taona 2022 ary anisan'izany ny Asa Fitoriana ny Filazan-tsara, ny fiarahan'ny Antoko Mpihira, ny fiofanan'ny Loholona sy ny Diakona,…

Ny tenin'ny Soratra Masina nentina nanorenana izany dia ao amin'ny Filazan-tsaran'i Jesoa Kristy araka an'i Jaona : « Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy ; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy. » — Jaona 17 : 21

Stéphane Rajoharison, Diakona











